5

# NY FEHEZANTENY KELY INDRINDRA NA FKI

## TANJONA

Manatsoaka ny tetika entina manavaka ny fehezanteny kely indrindra mivany roa na telo.

## VONTOATIM-PAHALALANA

Ny fehezanteny kely indrindra na FKI dia fehezanteny fohy kanefa mahalaza hevitra mazava.

Toy izao no atao rehefa hitady azy:

- manome anjara asan'ny teny rehetra ao amin'ny fehezanteny;
- esorina daholo ny ZP rehetra sy ny RF sasany;
- fantarina ny isan'ny teny sisa tavela, ka:
  - → mivany ROA izy raha tsy ahitana afa-tsy EM sy L ihany,
  - → mivany TELO kosa izy raha misy EM, L, RF tsy afa-miala.

**Sahanasa 1**

Apetrako ny anjara ao amin'ireto fehezanteny ireto.

F1 : Mandia fotoan-tsarotra tokoa ny Malagasy.

F2 : Vita hatreo ny didiko fe lehibe.

F3 : Maro ihany ireo olana miseho tato ho ato.

## Sahanasa 2

Andramako esorina ny RF, ZP ary averiko adika ny fehezanteny.

F1 : Mandia fotoan-tsarotra tokoa ny Malagasy.
EM RF ZP L

F2 : Vita hatreo ny didiko fe lehibe.
EM RF L

F3 : Maro ihany ireo olana miseho tato ho ato.
EM RF L ZP ZP

## Sahanasa 3

Mivany firy avy ireo fehezanteny ireo.

F1 : Mandia fotoan-tsarotra ny Malagasy. FKI : …. , ….. Mivany ….
EM RF L

F2 : Vita ny didiko fe lehibe. FKI : ….,….. Mivany ….
EM L

F3 : Maro ireo olana. FKI : ….,….. Mivany ….
EM L